# Ilay Voa Tsara Nafafy 13 Jona 2018

**13** **Alarobia**
jona

**Andriamanitro ô, Ianao no itokiako... Tsy hisy ho menatra izay rehetra miandry Anao.** Salamo 25. 2, 3

**Amin'ny andro fahoriako dia miantso Anao aho, fa mamaly ahy Ianao.** Salamo 86. 7

**Tsy manelingelina Azy ianao**

Nisy zazalahy kely iray, te hangataka zavatra tamin'ny rainy, izay mpandraharaha be herehina aoka izany. Teo am-pivoriana anefa ny rainy tamin'izay, mba hanomana fifanarahana iray vaovao. Nolalovan'ilay zazalahy ny varavarana rehetra, fa teo amin'ny varavarana farany kosa dia nosakanan'ny sekretera izy : „Tsy misy mahazo miditra ! Tsy te hoelingelenina izy ! — Izaho tsy manelingelina an'i dada, na oviana na oviana !" hoy ilay ankizy namaly, sady nandingana io sakana farany io.

Indraindray isika dia mihevitra fa manelingelina an'Andriamanitra. Dia mety hanelingelina ny Raintsika tokoa ve isika ?

Rehefa niankohoka teo an-tongotry ny Tompo Jesosy teo afovoan'ny vahoaka i Jairo, niangavy Azy ho tonga hanasitrana ny zanany vavy efa ho faty, dia nanaraka azy Jesosy. Nisy tonga nilaza tamin'ilay ray ny vaovao ratsy hoe maty ny zanany, sy nanampy ny teny hoe : „Aza manahirana ny Mpampianatra". Jesosy kosa namaly avy hatrany hoe : „Aza matahotra ; minoa fotsiny ihany, dia ho velona izy" (Lioka 8. 50).

Rehefa niteny ny mpianatra hoe : „Ravao ny vahoaka", vahoaka noana, dia novalian'i Jesosy hoe : „Omeonareo hanina izy" (Matio 14. 16).

Ary rehefa nentina teo aminy ny ankizy madinika mba hametrahany tanana, dia niteny mafy ny olona nitondra azy ireo ny mpianatra. Nefa tezitra Jesosy, ka niteny tamin'ny mpianatra hoe : „Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza raràna". Dia notrotroiny ireo ankizy madinika ireo (Marka 10. 13-16).

Azo hatonina mandrakariva Jesosy, na andro na alina. Hoy Izy : „Izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy" (Jaona 6. 37). Ndao àry hanatona Azy, amin'ny alalan'ny vavaka sy ireo fanontaniantsika. Ndao hilaza tsotra aminy ireo fahalementsika sy izay manavesatra antsika. Ndao koa hitady Azy amin'ny famakiana Baiboly, satria te haneho ny tenany amintsika Izy. Tsy mba manelingelina Azy isika, na oviana na oviana.